Rahona - Ny Vovoka avy amin'ny Tongotra Andriamanitra

Mahari-po Jehovah sady be hery Ary tsy mety manamarina ny meloka;
Jehovah manana ny lalany amin'ny tadio sy ny tafio-drivotra,
ary ny rahona no vovoky ny tongony. Nahoma 1:3

Boky Dimy Voalohany

Hapetrako eo amin'ny rahona ny avako, ary ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho amin'ny tany izany. Ary raha mampiangona rahona eo ambonin'ny tany Aho, dia hiseho eo amin'ny rahona ny avana, Ary ho eo amin'ny rahona ny avana; ary hitsinjo azy Aho hahatsiarovako ny fanekena mandrakizay izay ho amin'Andriamanitra sy ho amin'ny zava-manan'aina rehetra, dia ny nofo rehetra ambonin'ny tany. Genesisy 9:13-14,16

Ary Jehovah nandeha teo alohany tamin'ny andri-rahona raha antoandro hitari-dalana azy, ary tamin'ny andri-afo nony alina ho fanazavana azy, handehanany andro aman'alina. Tsy nanaisotra ny andri-rahona teo alohan'ny olona Izy raha antoandro, na ny andri-afo nony alina. Eksodosy 13:21-22

Ary Ilay Anjelin'Andriamanitra, Izay nandeha teo alohan'ny tobin'ny Isiraely, dia nifindra ka nankeo aoriany; ary ny andri-rahona kosa nifindra niala teo anoloany ka nijanona teo aoriany. Dia tonga teo anelanelan'ny tobin'ny Egyptiana sy ny tobin'ny Isiraely izany; dia teo ihany ny rahona sy ny fahamaizinana, nefa nampahazava ny alina kosa, ka dia tsy nifanatona izy roa tonta mandritra ny alina. Ary nony tamin'ny fiambenana maraina dia nijery ny tobin'ny Egyptiana tao amin'ny andri-afo sy ny rahona Jehovah ka nampitahotra ny tobin'ny Egyptiana, Eksodosy 14:19-20,24

Ary raha mbola niteny tamin'ny fiangonana, dia ny Zanak'Isiraely rehetra, Arona, dia nijery nanatrika ny efitra izy ireo, ka, indro, ny voninahitr'i Jehovah niseho teo amin'ny rahona. Eksodosy 16:10

Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: Indro Aho ho avy aminao ao anatin'ny rahona matevina, mba ho ren'ny olona raha miteny aminao Aho, ka dia hino anao mandrakizay izy. Dia nolazain'i Mosesy tamin'i Jehovah ny tenin'ny olona. Ary nony maraina ny andro fahatelo dia nisy kotrokorana sy tselatra ary rahona matevina teo amin'ny tendrombohitra, ary nisy feon'anjomara mafy indrindra, dia toran-kovitra ny olona rehetra izay teo an-toby. Eksodosy 19: 9,16

Dia niakatra tao an-tendrombohitra Mosesy, ary nisy rahona nanarona ny tendrombohitra. Ary ny voninahitr'i Jehovah nitoetra teo ambonin'ny tendrombohitra Sinay, ary ny rahona nanarona azy henemana; dia tamin'ny andro fahafito dia niantso an'i Mosesy avy teo afovoan'ny rahona Izy. Dia niditra tao afovoan'ny rahona Mosesy ka niakatra tao an-tendrombohitra; ary nitoetra tao an-tendrombohitra efa-polo andro sy efa-polo alina Mosesy. Eksodosy 24:15-16,18

Ary raha niditra tao amin'ny lay Mosesy, dia nidina ny andri-rahona ka nijanona teo am-baravaran'ny lay; ary Jehovah niresaka tamin'i Mosesy. Ary hitan'ny olona rehetra ny andry rahona nijanona teo am-baravaran'ny tabernakely; dia nitsangana ny olona rehetra ka samy niankohoka teo am-baravaran'ny lainy avy. Eksodosy 33:9-10

Ary Jehovah nidina tao anatin'ny rahona ka nijanona teo aminy, dia nanonona ny anaran'i Jehovah. Eksodosy 34:5

Dia nisy rahona nanarona ny trano-lay fihaonana, ary ny voninahitr'i Jehovah nameno ny tabernakely. Ary Mosesy tsy nahazo niditra tao amin'ny trano-lay fihaonana, satria ny rahona nitoetra teo amboniny, ary ny voninahitr'i Jehovah nameno ny tabernakely. Ary rehefa niakatra niala tamin'ny tabernakely ny rahona, dia nifindra ny Zanak'Isiraely tamin'ny diany rehetra; Fa raha tsy niakatra ny rahona, dia tsy nifindra izy ireo mandra-pihavin'ny andro niakarany. Fa ny rahon'i Jehovah dia teo ambonin'ny tabernakely nony andro, ary nisy afo teo aminy nony alina, teo imason'ny taranak'Isiraely rehetra, nandritra ny nandehanany rehetra. Eksodosy 40: 34-38

Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: Lazao amin'i Arona rahalahinao mba tsy hiditra mandrakariva ao amin'ny fitoerana masina izy, dia ao anatin'ny efitra lamba, eo anoloan'ny rakotra fanaovam-panavotana izay eo ambonin'ny fiara, mba tsy hahafaty azy; fa hiseho eo amin'ny rahona eo ambonin'ny rakotra fanaovam-panavotana Aho. Ary hataony eo amin'ny afo eo anatrehan'i Jehovah ny ditin-kazo manitra, ka hosaronan'ny setroky ny ditin-kazo manitra ny rakotra fanaovam-panavotana, izay eo ambonin'ny Vavolombelona, mba tsy hahafaty azy. Levitikosy 16: 2,13

Ary tamin'ny andro nananganana ny tabernakely dia nanarona ny tabernakely ny rahona, dia ny trano-lain'ny Vavolombelona; ary nony hariva dia nisy teo ambonin'ny tabernakely tahaka ny afo mandra-pahamarain'ny andro. Dia toy izany mandrakariva izy: ny rahona nanarona azy nony antoandro, ary niseho tahaka ny afo nony alina. Ary rehefa niakatra niala tamin'ny tabernakely ny rahona, dia niainga ny Zanak'Isiraely; ary teo amin'izay nijanonan'ny rahona no nitobian'ny Zanak'Isiraely. Araka ny didin'i Jehovah no niaingan'ny Zanak'Isiraely, ary araka ny didin'i Jehovah koa no nitobiany; raha mbola nijanona teo ambonin'ny tabernakely ny rahona dia nijanona tao amin'ny lainy koa izy. Ary raha nijanona ela teo ambonin'ny tabernakely ny rahona, dia nitandrina izay nasain'i Jehovah notandremana ny Zanak'Isiraely ka tsy niainga. Ary raha andro vitsivitsy no nijanonan'ny rahona teo ambonin'ny tabernakely; araka ny didin'i Jehovah no nipetrahany tao amin'ny lainy, ary araka ny didin'i Jehovah no niaingany. Ary raha nijanona hatramin'ny hariva ka hatramin'ny maraina ny rahona, ary raha niakatra nony maraina ny rahona, dia niainga izy; na andro na alina no niakaran'ny rahona, dia niainga izy. Ary na indroa andro, na iray volana, na herintaona aza, no nijanonan'ny rahona teo ambonin'ny tabernakely ka nijanona teo, dia nijanona tao amin'ny lainy ny Zanak'Isiraely, fa tsy niainga; fa raha niakatra kosa izy, dia niainga izy. Nomery 9:15-22

Ary tamin'ny andro faharoa-polo tamin'ny volana faharoa, tamin'ny taona faharoa, dia niakatra niala teo amin'ny tabernakelin'ny Vavolombelona ny rahona. Dia niainga niala tany an-efitr'i Sinay ny Zanak'Isiraely ka nijanona tany an-efitr'i Parana; ary ny rahon'i Jehovah dia teo amboniny nony antoandro, tamin'ny niaingany niala tamin'ny toby. Nomery 10:11-12,34

Ary nidina teo amin'ny rahona Jehovah ka niteny taminy, dia nangalany ny Fanahy izay tao aminy ka napetrany tamin'ny loholona fito-polo lahy; ary raha mbola nitoetra tao aminy ny Fanahy, dia naminany izy, nefa tsy nijanona intsony. Nomery 11:25

Ary nidina tamin'ny andri-rahona Jehovah ka nitsangana teo am-baravaran'ny trano-lay; dia niantso an'i Arona sy Miriama Izy; dia nivoaka izy mianadahy. Ary ny rahona niala tamin'ny trano-lay; ary, indro, boka Miriama ka fotsy tahaka ny oram-panala; ary Arona nijery an'i Miriama, ka indro, boka izy. Nomery 12:5,10

Ary holazainy amin'ny mponina amin'ity tany ity izany; fa efa reny fa Hianao Jehovah no eto amin'ity firenena ity, ary Hianao Jehovah no hita mifanatrika, ary ny rahonao mijanona eo amboniny, ary Hianao no mitarika azy eo aloha amin'ny andri-rahona nony antoandro, ary amin'ny andri-afo nony alina. Nomery 14:14

Ary raha niangona hanohitra an'i Mosesy sy Arona ny fiangonana, dia nijery ny trano-lay fihaonana izy, ka, indro, nanarona azy ny rahona, ary niseho ny voninahitr'i Jehovah. Nomery 16:42

Izay nandeha teo alohanareo tamin'ny lalana hitady izay toerana ho anareo hitobianareo, ka ny afo nony alina no nisehoany, ary ny rahona nony antoandro no nisehoany, Deoteronomia 1:33

Dia nanakaiky ianareo ka nitsangana teo am-bodin'ny tendrombohitra; ary nirehitra afo manakatra ny lanitra ny tendrombohitra, sady nisy aizina sy rahona ary aizim-pito. Deoteronomia 4:11

Ireo teny ireo no nolazain'i Jehovah tamin'ny feo mahery tao an-tendrombohitra, tao afovoan'ny afo sy ny rahona ary ny aizim-pito, ka dia tsy nampiany intsony. Ary nosoratany tamin'ny vato fisaka roa ireo ka natolony ahy. Deoteronomia 5:22

Ary Jehovah niseho teo amin'ny trano-lay tamin'ny andri-rahona; dia nijanona teo anoloan'ny varavaran'ny trano-lay ny andri-rahona. Deoteronomia 31:15

FIAINANY TALOHA

Jehovah ô, fony nivoaka avy tany Seira Hianao ary nandeha avy tany amin'ny tany Edoma, dia nihorohoro ny tany, ary ny lanitra koa nitete; eny, ny rahona koa nitete rano. Mpitsara 5:4

Ary ny maizina dia efa nanao tranolay manodidina Azy, dia rano aizim-pito sy rahona matevina. 2 Samoela 22:12

Ary ho toy ny fahazavan'ny maraina izy, raha miposaka ny masoandro, dia ilay maraina tsy misy rahona iny; ary toy ny ahitra maitso maniry amin'ny tany noho ny hain'andro manarakaraka ny ranonorana. 2 Samoela 23:4

Ary nony nivoaka avy tao amin'ny fitoerana masina ny mpisorona, dia nameno ny tranon'i Jehovah ny rahona; ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona; fa ny voninahitr'i Jehovah no nameno ny tranon'i Jehovah. 1 Mpanjaka 8:10-11

Ary nony fanimpitony, dia hoy izy: Indro, misy rahona kely miakatra avy eny an-dranomasina toy ny tànan'olona. Dia hoy izy: Miakara, ka lazao amin'i Ahaba hoe: Amboary ny kalesinao, dia midìna,

fandrao voasakan'ny ranonorana ianao. Ary nony afaka kelikely, dia maintin'ny rahona sy ny rivotra ny lanitra, ka nisy oram-be nilatsaka. Dia nitaingina ny kalesiny Ahaba ka nankany Jezirela. 1 Mpanjaka 18:44-45

Ary nony efa toy ny feo iray no re tamin'ny mpitsoka trompetra sy ny mpihira, dia nidera sy nisaotra an'i Jehovah izy, ka nony nanandratra ny feony sady nampaneno ny trompetra sy ny kipantsona ary ny zava-maneno izy ka nidera an'i Jehovah hoe: Fa tsara Izy, fa mandrakizay ny famindram-pony, dia feno rahona ny trano, dia ny tranon'i Jehovah; ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona; fa ny voninahitr'i Jehovah no nameno ny tranon'Andriamanitra. 2 Tantara 5:13-14

Ary andry rahona no nitondranao azy raha antoandro, ary andry afo nony alina, mba hanazava azy amin'izay lalana tokony halehany. Kanefa noho ny haben'ny famindram-ponao dia tsy mba nahafoy azy tany an-efitra Hianao; ny andry rahona tsy niala taminy raha antoandro, hitarika azy teny an-dalana, na ny andry afo nony alina, mba hampahazava azy izay lalana tokony halehany. Nehemia 9:12,19

Tononkalo

Aoka ny haizina sy ny aloky ny fahafatesana handoto azy; aoka ny rahona hitoetra eo amboniny; aoka ny haizin'ny andro hampahatahotra azy. Joba 3:5

Toy ny rahona mihalevona ka levona, dia toy izany koa izay midina any amin'ny fiainan-tsi-hita tsy hiakatra intsony. Joba 7:9

Na dia mipaka amin'ny lanitra aza ny voninahiny, ary mipaka amin'ny rahona ny lohany, dia ho levona mandrakizay toy ny dikiny ihany izy; izay nahita azy dia hanao hoe: Aiza izy? Joba 20: 6-7

Ary hoy ianao: Hataon'Andriamanitra ahoana no fahafantatra? Mahay mitsara an-kolaka ao anatin'ny rahona maizina va Izy? Ny rahona matevina dia fialofana ho Azy ka tsy mahita Izy; Ary mandehandeha eny amin'ny lanitra Izy. Joba 22:13-14

Feheziny amin'ny rahona matevina ny rano, nefa tsy triatra eo ambaniny ny rahona. Manarona ny seza fiandrianany Izy ka mamelatra ny rahony eo amboniny. Joba 26:8-9

Misy fampitahorana tonga amiko; manenjika ny fanahiko tahaka ny rivotra izy, ary levona tahaka ny rahona ny fiadanako. Joba 30:15

Jereo ary ny lanitra, ka mijere; ary jereo ange indro, avo loatra ka tsy takatrao ny rahona. Joba 35:5

Izay alatsaka avy amin'ny rahona ka araraka amin'ny olona betsaka. Ary moa misy mahalala va ny amin'ny fivelaran'ny rahona sy ny fikotrokotroky ny lainy? Manarona ny mazava amin'ny rahona Izy, ary mandidy azy mba tsy hamirapiratra amin'ny rahona izay miditra eo anelanelany? Joba 36:28-29,32

Ary koa, amin'ny fanondrahana dia ritrany ny rahona matevina; ary ampieleziny ny rahony mamirapiratra. Fantatrao va ny fotoana nandaminan'Andriamanitra azy sy ny nampamirapiratany ny fahazavan'ny rahony? Fantatrao va ny firafitry ny rahona, dia ny fahagagana ataon'Ilay tanteraka

amin'ny fahalalana? Ary ankehitriny dia tsy hitan'ny olona ny mazava mamirapiratra izay eny amin'ny rahona; fa ny rivotra mandalo kosa dia manadio azy. Joba 37:11,15-26,21

Raha nanao ny rahona ho fitafiany Aho ary ny aizim-pito ho fonony, Mahay manandratra ny feonao ho amin'ny rahona va ianao, Mba hanarona anao ny rano be? Iza no mahisa ny rahona amin'ny fahendrena? Ary iza no mahatanty ny fitoeran-dranon'ny lanitra, Joba 38:9,34,37

Efa nanao ny maizina ho fiereny Izy, ary ny tranony manodidina Azy dia rano aizina sy rahona matevina. Ary teo amin'ny famirapiratana teo anoloany dia nandalo ny rahony matevina, dia havandra sy vainafo. Salamo 18:11-12

Jehovah ô, mipaka amin'ny lanitra ny famindram-ponao; ary mihatra amin'ny rahona ny fahamarinanao. Salamo 36:5

Fa lehibe mihatra amin'ny lanitra ny famindram-ponao, ary mihatra amin'ny rahona ny fahamarinanao. Salamo 57:10

Ekeo ho an'Andriamanitra ny hery; ambonin'ny Isiraely ny voninahiny, ary ny heriny any amin'ny rahona. Salamo 68:34

Nandatsaka ranonorana ny rahona; nikotroka ny lanitra; ary niely patrana koa ny zana-tsipìkanao. Salamo 77:17

Ary ny rahona no nentiny nony antoandro, ary ny fahazavan'ny afo nony alina. Kanefa nandidy ny rahona tany ambony Izy, ary nanokatra ny varavaran'ny lanitra, Salamo 78:14,23

Rahona sy haizina no manodidina Azy; fahamarinana sy fitsarana no fanorenan'ny seza fiandrianany. Salamo 97:2

Niteny taminy tao anatin'ny andry rahona Izy; nitandrina ny teni-vavolombelony sy ny didy izay efa nomeny azy izy ireo. Salamo 99:7

Izay mametraka ny andrin'ny tranony ao anaty rano, Izay manao ny rahona ho kalesiny sady mandeha amin'ny elatry ny rivotra, Salamo 104:3

Namelatra rahona ho fialokalofana Izy Ary afo ho fanazavana amin'ny alina. Salamo 105:39

Fa lehibe mihoatra ny lanitra ny famindram-ponao; ary mipaka amin'ny rahona ny fahamarinanao. Salamo 108:4

Izay manarona ny lanitra amin'ny rahona, Izay mamboatra ranonorana ho an'ny tany, Izay mampaniry ahitra eny an-tendrombohitra. Salamo 147:8

Ny fahalalany no mampiboiboika ny rano lalina sy mampilatsaka ando avy amin'ny rahona. Ohabolana 3:20

Raha nampitoetra ny rahona eny ambony Izy, raha nampatanjaka ny loharanon'ny lalina, Ohabolana 8:28

Amin'ny famirapiratan'ny tarehin'ny mpanjaka dia misy fiainana, Ary ny fankasitrahany dia toy ny rahona amin'ny orana farany. Ohabolana 16:15

Toy ny rahona sy ny rivotra tsy misy orana izay mirehareha amin'ny fanomezana sandoka. Ohabolana 25:14

Raha feno ranonorana ny rahona, dia mandatsaka amin'ny tany izany; ary raha mianjera mianatsimo na mianavaratra ny hazo, dia eo amin'izay ianjerany ihany no hijanonany. Izay mandinika ny rivotra tsy hamafy, ary izay mijery ny rahona tsy hijinja." Mpitoriteny 11: 3-4

Raha tsy mbola maizina ny masoandro, na ny fahazavana, na ny volana, na ny kintana, ary tsy mbola miverina intsony ny rahona rehefa avy ny ranonorana, Mpitoriteny 12:2

Mpaminany

Ary Jehovah hamorona rahona sy setroka raha antoandro sy fahazavan'ny afo mirehitra nony alina ho eny ambonin'ny fitoerana rehetra any an-tendrombohitra Ziona sy ho eny ambonin'ny fivoriany rehetra; Isaia 4:5

Ary hataoko foana izy; Tsy hohetezana na hohadina izy; Fa ho rakotry ny hery sy ny tsilo; Ary hodidiako ny rahona mba tsy handatsaka ranonorana aminy. Isaia 5:6

Hiakatra ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho; Ho tahaka ny Avo Indrindra aho. Isaia 14:14

Fa izao no nolazain'i Jehovah tamiko: Hitsahatra Aho ka hijery eto amin'ny fitoerako, tahaka ny hainandro mipoaka amin'ny ahitra sy tahaka ny rahona amin'ny hafanan'ny fararano. Isaia 18:4

Faminaniana ny amin'i Ejipta. Indro, Jehovah mitaingina rahona miriotra mafy ka mankany Ejipta; ary ny andriamani-tsi-izy any Ejipta dia hangovitra eo anatrehany, ary ny fon'i Ejipta dia ho levona ao anatiny. Isaia 19:1

Tahaka ny hafanana amin'ny tany karankaina no hampanginanao ny fitabataban'ny vahiny; eny, tahaka ny hafanana amin'ny aloky ny rahona matevina no hampanginanao ny solofon'ny olon-dozabe. Isaia 25:5

Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny zavona, ary ny fahotanao tahaka ny rahona; koa miverena amiko, fa efa nanavotra anao Aho. Isaia 44:22

Iza moa ireto manidina tahaka ny rahona ary tahaka ny voromailala ho amin'ny varavarankeliny? Isaia 60:8

Indro, hiakatra toy ny rahona izy, ary toy ny tadio ny kalesiny, ary haingana noho ny voromahery ny soavaliny. Loza ho antsika, fa rava isika! Jeremia 4:13

Endrey! Ziona zanakavavy dia saronan'ny Tompo rahona amin'ny fahatezerany, ary nazerany avy any an-danitra ho amin'ny tany ny voninahitr'Isiraely, ary tsy tsaroany intsony ny fitoeran-tongony tamin'ny andro fahatezerany! Fitomaniana 2:1

Nisarona rahona Hianao, ka dia tsy voasakana ny vavakay. Fitomaniana 3:44

Ary hitako fa, indro, nisy tafio-drivotra avy tany avaratra, dia rahona lehibe sady nisy afo mifandrambondrambona, sady nisy famirapiratana nanodidina azy; ary avy teo afovoany dia nisy toy ny volon'ny metaly mamirapiratra, avy teo afovoan'ny afo. Toy ny tarehin'ny avana amin'ny rahona amin'ny andro misy ranonorana no tarehin'ny namirapiratra manodidina. Izany no endriky ny voninahitr'i Jehovah. Ary nony nahita izany aho, dia niankohoka ka nandre feon'ny anankiray niteny. Ezekiela 1:4 , 28

Ary nisy fitopolo lahy tamin'ny loholon'ny taranak'Isiraely nitsangana teo anoloan'ireo, ary teo afovoan'izy ireo i Jazania, zanak'i Safana, samy nitondra ny fandoroany ditin-kazo manitra teny an-tànany avy; ary ny setroky ny ditin-kazo manitra dia niakatra. Ezekiela 8:11

Ary ny kerobima nitsangana teo amin'ny ilany ankavanan'ny trano, raha niditra ralehilahy; ary feno rahona ny kianja anatiny. Dia niakatra niala teo amin'ny kerobima ny voninahitr'i Jehovah ka nijanona teo ambonin'ny tokonam-baravaran'ny trano; ary feno rahona ny trano, ary feno ny famirapiratan'ny voninahitr'i Jehovah ny kianja. Ezekiela 10: 3-4

Fa efa akaiky ny andro, eny, efa akaiky ny andron'i Jehovah, andro mandrahona; ho fotoana hamaliana ny jentilisa izany. Ao Tapanesa koa ho maizina ny andro, raha hotapahiko any ny ziogan'i Egypta, ary hitsahatra ny fireharehan'ny heriny; fa ny aminy kosa dia ho voasarona ny rahona, ary ny zanany vavy ho lasan-ko babo. Ezekiela 30:3 , 18

Ary raha hovonoiko ny masoandronao, dia hosaronako ny lanitra, ary hohamaiziniko ny kintanany; hosaronako rahona ny masoandro, ary ny volana tsy hangazava. Ezekiela 32:7

Toy ny fandinidin'ny mpiandry ondry ny ondriny amin'izay andro hahatratrarany ny ondriny izay niely, dia toy izany no handinidinihako ny ondriko sy hamonjeko azy avy any amin'izay rehetra nielezany tamin'ny andro mandrahona sy maizim-pito. Ezekiela 34:12

Hiakatra ianao ary ho avy toy ny tafio-drivotra, ary ho toy ny rahona handrakotra ny tany ianao sy ny miaramilanao rehetra mbamin'ny firenena maro izay miaraka aminao. Ary hiakatra hamely ny Isiraely oloko tahaka ny rahona handrakotra ny tany ianao; ary ho entiko hamely ny taniko ianao, mba hahafantaran'ny firenena Ahy, rehefa miseho ho masina eo imasony Aho amin'ny ataoko aminao, ry Goga. Ezekiela 38: 9,16

Ary nahita tamin'ny fahitana tamin'ny alina aho, ary, indro, nisy toy ny Zanak'olona avy tamin'ny rahon'ny lanitra ary nankeo amin'ny Fahagola; dia nentina nanatona teo anatrehany Izy. Daniela 7:13

Inona no hataoko aminao, ry Efraima? Inona no hataoko aminao, ry Joda? Fa toy ny rahona maraina ny hatsaram-ponao, ary toy ny ando vao maraina izay levona. Hosea 6:4

Koa ho toy ny rahona maraina izy sy ho toy ny ando levona maraina, sy ho toy ny akofa izay paohin'ny rivotra hiala amin'ny famoloana, ary ho toy ny setroka avy amin'ny lafaoro fandoroana. Hosea 13:3

Andro maizina sy manjombona, andro mandrahona sy maizim-pito, toy ny fahazavan'ny maraina miely amin'ny tendrombohitra, firenena lehibe sy matanjaka, ka tsy mbola nisy tahaka azy hatrizay hatrizay, ary tsy hisy intsony any aoriany hatramin'ny taonan'ny taranaka fara mandimby. Joela 2:2

Mahari-po Jehovah sady be hery Ary tsy mety manamarina ny meloka; Amin'ny tadio sy ny tafio-drivotra no lalan'i Jehovah, Ary ny rahona no vovoky ny tongony. Nahoma 1:3

Andro fahatezerana izany andro izany, andro fahoriana sy fahoriana, andro fandravana sy fanafoanana, andro maizina sy manjombona, andro mandrahona sy maizim-pito, Zefania 1:15

Mangataha ranonorana amin'i Jehovah amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah no hanaovany ny rahona mamirapiratra; ary hanome azy ranonorana mivatravatra Izy, dia ny ahitra any an-tsaha ho an'ny rehetra. Zakaria 10:1

filazantsara

Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary, indro, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; henoy Izy. Matio 17:5

Ary amin'izany andro izany dia hiseho eo amin'ny lanitra ny famantarana ny Zanak'olona, ary amin'izany andro izany dia hitomany ny firenena rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona avy eo amin'ny rahon'ny lanitra amin-kery sy voninahitra lehibe izy. Matio 24:30

Hoy Jesosy taminy: Voalazanao; ary koa, lazaiko aminareo: Hatramin'izao dia ho hitanareo ny Zanak'olona mipetraka eo amin'ny tanana ankavanan'ny Hery sy avy eo amin'ny rahon'ny lanitra. Matio 26:64

Ary nisy rahona nanarona azy ireo; ary nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako; Izy no henoy. Marka 9:7

Ary amin'izay dia hahita ny Zanak'olona avy eo amin'ny rahona amin-kery lehibe sy voninahitra izy. Marka 13:26

Ary hoy Jesosy: Izaho no Izy; ary ho hitanareo ny Zanak'olona mipetraka eo amin'ny tanana ankavanan'ny Hery sady avy eo amin'ny rahon'ny lanitra. Marka 14:62

Raha mbola niteny izany izy, dia nisy rahona niseho nanarona azy ireo; ary raha niditra tao anatin'ny rahona izy, dia natahotra ny mpianany. Ary nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako; henoy Izy. Lioka 9: 34-35

Ary hoy koa Izy tamin'ny vahoaka: Raha mahita rahona miposaka any andrefana ianareo, dia hoy ianareo miaraka amin'izay: Ho avy ny ranonorana; dia tonga izany. Lioka 12:54

Ary amin'izay dia hahita ny Zanak'olona avy eo amin'ny rahona amin-kery sy voninahitra lehibe izy. Lioka 21:27

Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nakarina teo imason'izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy ka tsy hitan'izy ireo intsony. Asan'ny Apostoly 1:9

Ireo taratasy nosoratana ao

Ary koa, ry rahalahy, tsy tiako tsy ho fantatrareo fa ny razantsika rehetra dia teo ambanin'ny rahona, ary izy rehetra namaky ny ranomasina, ary samy natao batisa ho amin'i Mosesy tao amin'ny rahona sy ny ranomasina izy rehetra; 1 Korintiana 10: 1-2

Ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakizay isika. 1 Tesaloniana 4:17

Koa amin'izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika, dia aoka isika hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao hazakazaka napetraka eo anoloantsika izao, Hebreo 12:1

Ireo dia loharano tsy misy rano, rahona entin'ny tafio-drivotra, ka efa tehirizina ho azy ny zavona maizina mandrakizay. 2 Petera 2:17

Ireo dia toy ny tasy eo amin'ny fanasan'ny fiantrana ataonareo, raha miara-mihinana aminareo izy, dia mamahan-tena tsy amin-tahotra; rahona tsy misy rano, entin'ny rivotra, hazo malazo nefa tsy misy voa, indroa maty, voaongotra hatramin'ny fakany; Joda 1:12

Revelation

Indro Izy avy amin'ny rahona; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza; ary ny firenena rehetra ambonin'ny tany hitomany Azy. Eny, Amena. Apokalypsy 1:7

Ary hitako fa, indro, nisy anjely mahery iray koa nidina avy tany an-danitra sady nitafy rahona; ary ny avana dia teo amin'ny lohany, ary ny tarehiny dia tahaka ny masoandro, ary ny tongony tahaka ny andry afo; Apokalypsy 10:1

Ary nandre feo mahery avy tany an-danitra izy roa lahy nanao taminy hoe: Miakara atỳ. Dia niakatra ho any an-danitra tao anaty rahona izy ireo; ary nahita azy ny fahavalony. Apokalypsy 11:12

Ary nahita rahona fotsy aho, ary teo ambonin'ny rahona dia nisy tahaka ny Zanak'olona nipetraka, nisatroka satroboninahitra volamena teny an-dohany sady nitana antsy fijinjana maranitra teny an-tànany. Ary nisy anjely iray koa nivoaka avy tao amin'ny tempoly niantso tamin'ny feo mahery ka nanao tamin'ilay nipetraka teo ambonin'ny rahona hoe: Arosoy ny fijinjanao, ka mijinjà, satria tonga ny andro fijinjana; fa masaka tsara ny vokatry ny tany. Dia naroson'ilay nipetraka teo ambonin'ny rahona tamin'ny tany ny fijinjany, ka voajinja ny tany." Apokalypsy 14: 14-16

Apokrifa

Rehefa afaka izany, dia nisy rahona matevina nandalo teo anoloako ka nampilatsaka orana be dia be niaraka tamin'ny tafio-drivotra; ary rehefa lasa ny orana be dia nijanona ireo ranonorana. 2 Esdrasa 4:49

Nefa mora kokoa ho an'izay tandindonin-doza ve ny miditra amin'izany zavatra izany toy izay ny handalo toy ny rahona miala amin'izao tontolo izao, ka tsy hahita izay zavatra hitranga amin'ny andro farany. Dia namaly ahy Izy ka nanao hoe: 2 Esdrasa 13:20

Indro rahona avy any atsinanana sy avy any avaratra ka hatrany atsimo, ary mahatsiravina tokoa ny mijery azy, feno hatezerana sy tafio-drivotra. Ary hisy rivotra mahery hiposaka avy any atsinanana, ka hanokatra azy; ary ny rahona izay natsangany tamin'ny hatezerana, ary ny kintana nahetsiketsika mba hampatahotra ny rivotra avy any atsinanana sy andrefana, dia ho levona. Ny rahona lehibe sy mahery dia hibontsina feno hatezerana, ary ny kintana, mba hampihorohoro ny tany rehetra sy izay monina ao aminy; ary haidina ho eny ambonin'ny fitoerana avo sy avo rehetra ny kintana mahatsiravina, 2 Esdrasa 15 :34,39-40

Ary hohadinoina amin'ny fotoana ny anarantsika, ary tsy hisy olona hahatsiaro ny asantsika, ary ny aintsika dia ho levona toy ny dian-drahona, ary ho levona toy ny zavona, izay entin'ny tara-masoandro ka ho resin'ny hafanany. Fahendren'i Solomona 2:4

Dia hivoaka avy any ivelany ny kotroka mikendry tsara; ary avy any amin'ny rahona, toy ny avy amin'ny tsipìka voasarika tsara, dia hanidina ho amin'ny tanjona izy ireo. Fahendren'i Solomona 5:21

Toy ny rahona manaloka ny toby; ary teo amin'ny toerana nisy ny rano teo anoloany no nisehoan'ny tany maina; ary avy teo amin'ny Ranomasina Mena dia nisy lalana tsy misy sakana; ary avy teo amin'ny renirano mahery dia nisy saha maitso: Fahendren'i Solomona 19:7

Rehefa miteny ny mpanankarena dia mangina ny olona rehetra, ary jereo izay lazainy dia ankalazaina hatrany amin'ny rahona izany; fa raha miteny kosa ny mahantra dia hoy izy ireo: Inona moa ity olona ity? Ary raha tafintohina izy dia hanampy azy ireo handresy azy. Ekleziastika 13:23

Nivoaka avy tamin'ny vavan'ny Avo Indrindra aho, ary nanarona ny tany toy ny rahona. Nipetraka teny amin'ny toerana avo aho, ary ny seza fiandrianako dia teo amin'ny andry rahona. Ekleziastika 24:3-4

Izay manompo an'i Jehovah dia horaisina amin'ny fankasitrahana, ary ny fivavany dia hahatratra ny rahona. Ny fivavaky ny manetry tena dia mandrovitra ny rahona; ary mandra-pahatongan'izany dia tsy hahazo fampiononana izy; ary tsy hiala izy, mandra-pijerin'ny Avo Indrindra mba hitsara araka ny rariny sy hampihatra ny didim-pitsarana. Ny famindram-po dia tonga amin'ny fotoanan'ny fahoriana, toy ny rahona amin'ny andro hain-tany. Ekleziastika 35:16-17,20

Amin'izany no isokafan'ny harena: ary manidina toy ny vorona ny rahona. Amin'ny heriny lehibe no anamafisany ny rahona, ary torotoroina ny havandra. Ekleziastika 43:14-15

Nampandre ny feony Izy, ary nitondra azy ho any amin'ny rahona maizina, sady nanome azy didy teo anatrehany, dia ny laläàn'ny fiainana sy ny fahalalana, mba hampianarany an'i Jakoba ny fanekeny, ary an'i Israely ny didiny. Ekleziastika 45:5

Toy ny kintan'ny maraina eo afovoan'ny rahona izy, ary toy ny volana fenomanana: Toy ny masoandro mamirapiratra eo amin'ny tempolin'ny Avo Indrindra, ary toy ny avana manazava eo amin'ny rahona mamirapiratra, ary toy ny hazo oliva tsara tarehy mamoa voa, ary toy ny hazo sipresa izay mitombo hatramin'ny rahona. Ekleziastika 50:6-7,10

Iza no niakatra tany an-danitra naka azy sady nampidina azy avy tany amin'ny rahona? Baroka 3:29

Ary rehefa mandidy ny rahona Andriamanitra mba handrakotra izao tontolo izao, dia manao araka izay nandidiana azy izy ireo. Taratasin'i Jeremia 1:62

Hianareo tselatra sy rahona, misaora an'i Jehovah; miderà sy ankalazao Izy mandrakizay. Vavaky ny Azaria 1:51

Rehefa vita izany, ary tonga ny fotoana namirapiratan'ny masoandro, izay niafina tao amin'ny rahona teo aloha, dia nisy afo lehibe nirehitra, ka gaga ny olona rehetra. 2 Makabeo 1:22

Dia hasehon'ny Tompo azy ireo izany zavatra izany, ka hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary hiseho koa ny rahona, tahaka ny nasehony teo ambany fitarihan'i Mosesy, sy tahaka ny tamin'i Solomona naniry ny hanamasinana ny fitoerana amin'ny fomba mendri-kaja. 2 Makabeo 2:8

i Enoka

Jereo ny fahavaratra sy ny ririnina, fa feno rano ny tany rehetra, ary misy rahona sy ando ary orana milatsaka eo aminy. Enoka 2:3

Ary nisy tsy fahamasinana be dia be nipoitra, ary nijangajanga izy ireo, ka voafitaka, ary nanjary simba tamin'ny lalany rehetra. Nampianatra ody sy fakany i Semjâzâ, Armârôs ny famahana ody, Barâqîjâl, nampianatra fanandroana, Kôkabêl ny antokon-kintana, Ezêqêêl ny fahalalana ny rahona, Araqiêl ny famantarana ny tany, Shamsiêl ny famantarana ny masoandro, ary Sariêl ny fizotry ny volana. Ary rehefa maty ny olona, dia nitaraina izy ireo, ary niakatra tany an-danitra ny fitarainany... Enoka 8:2

Ary naseho ahy ny fahitana toy izao: Indro, tao amin'ny fahitana dia niantso ahy ny rahona ary nisy zavona niantso ahy, ary ny fivezivezen'ny kintana sy ny tselatra dia nihazakazaka sy nampandeha ahy, ary ny rivotra tao amin'ny fahitana dia nahatonga ahy hanidina sy nanandratra ahy niakatra ary nitondra ahy ho any an-danitra. Enoka 14:8

Nahita ny rivotra tetỳ an-tany nitondra ny rahona aho: Nahita ny lalan'ny anjely aho. Nahita teny amin'ny faran'ny tany ny habakabaky ny lanitra ambony aho. Enoka 18:5

Nirohotra toy ny renirano be dia be izay nikoriana nianavaratra andrefana ka nahatonga rahona sy ando niakatra tamin'ny lafiny rehetra. Enoka 28:3

Ary tao no nahitan'ny masoko ny tsiambaratelon'ny tselatra sy ny kotroka, ary ny tsiambaratelon'ny rivotra, ny fomba nizarany mba hitsoka ambonin'ny tany, ary ny tsiambaratelon'ny rahona sy ny ando, ary tao no nahitako ny nivoahany tamin'io toerana io sy ny toerana nandenany ny tany vovoka. Ary tao no nahitako efitra mihidy izay nizarahan'ny rivotra, ny efitra misy ny havandra sy ny rivotra, ny efitra misy ny zavona sy ny rahona, ary ny rahona dia nivezivezy ambonin'ny tany hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao. Enoka 41:3-4

Ary ny fofonain'ny ando dia mitoetra any amin'ny faran'ny lanitra, ary mifandray amin'ny efitranon'ny orana, ary ny lalany dia amin'ny ririnina sy ny fahavaratra: ary ny rahona sy ny zavona dia mifamatotra, ka ny iray mifanome. Enoka 60:20

Ary avy amin'ny vavahady afovoany no ihavian'ny fahasalamana sy ny orana sy ny ando ary ny fanambinana; ary avy amin'ny vavahady fahatelo any andrefana no ihavian'ny rahona sy ny fanala, ary ny oram-panala sy ny orana, ary ny ando sy ny valala. Enoka 76:11

Ary ny ampahefatra, izay antsoina hoe avaratra, dia mizara ho telo: ny voalohany amin'izy ireo dia ho fonenan'ny olombelona; ary ny faharoa dia misy ranomasina sy lavaka mangitsokitsoka sy ala sy renirano ary haizina sy rahona; ary ny ampahatelony dia misy ny zaridainan'ny fahamarinana. Enoka 77:3

Enga anie ka ho ranomasom-be ny masoko, mba hitomany Anao aho, ary handatsaka ny ranomasoko toy ny ranomasom-be, mba hialako sasatra amin'ny fahorian'ny foko! Enoka 95:1

Ary hiantso ny rahona sy ny zavona ary ny ando sy ny orana rehetra Izy ho vavolombelona hiampanga anareo; fa hosakanana tsy hilatsaka aminareo izany rehetra izany noho ny aminareo, ary hotsarovan'izy ireo ny fahotanareo. Enoka 100:11

Ary nahita zavatra toy ny rahona tsy hita maso aho; fa noho ny halaliny dia tsy afaka nijery aho, ary nahita lelafo nirehitra mamirapiratra aho, ary zavatra toy ny tendrombohitra mamirapiratra nihodidina sy niparitaka etsy sy eroa. Enoka 108:4

Jasara

Ary hoy Izy taminy: Ento ny zanakao, ny lahitokanao izay tianao, dia Isaka, ka mankanesa any amin'ny tany Moria; ary atero any izy ho fanatitra dorana eo amin'ny tendrombohitra iray izay haseho aminao; fa any no hahitanao rahona sy ny voninahitr'i Jehovah. Dia nisy andry afo niseho taminy, izay nipaka tamin'ny tany ka hatrany an-danitra, ary nisy rahona voninahitra teo ambonin'ny tendrombohitra, ary ny voninahitr'i Jehovah niseho teo amin'ny rahona. Ary hoy Abrahama tamin'i Isaka: Anaka, hitanao va izay hitako eo amboniny eo amin'ny tendrombohitra izay hitantsika eny lavitra eny? Dia namaly Isaka ka nanao tamin-drainy hoe: Mahita aho, ary indro, andry afo sy rahona, ary ny voninahitr'i Jehovah hita eo ambonin'ny rahona. Jasher 23:2,42-44

Ary ny voninahitr'i Jehovah nitoetra teo ambonin'ny tendrombohitra Sinay; dia niantso an'i Mosesy Izy, dia niditra tao afovoan'ny rahona Mosesy ka niakatra ny tendrombohitra. Jasher 82:8

Ary tamin'ny andro faharoapolo tamin'ny volana dia niakatra niala teo amin'ny tabernakelin'ny Vavolombelona ny rahona. Ary tamin'izany andro izany dia nanohy ny diany avy tany an-efitr'i Sinay ny Zanak'Isiraely, ka nandeha telo andro izy; ary nijanona teo amin'ny an-efitr'i Parana ny rahona; ary teo no nirehetan'ny fahatezeran'i Jehovah tamin'ny Isiraely, satria efa nampahatezitra an'i Jehovah izy ka nangataka hanina hohaniny. Jasher 83:25-26

Ary Jehovah niseho teo amin'ny tabernakely tamin'ny andry rahona; ary ny andry rahona nijanona teo am-baravaran'ny tabernakely. Jasher 87:2

Jobily

Dia niakatra tao an-tendrombohitra Sinay Mosesy; ary ny voninahitr'i Jehovah nitoetra teo ambonin'ny tendrombohitra Sinay, ary nisy rahona nanarona azy henemana. Ary tamin'ny andro

fahafito dia niantso an'i Mosesy avy teo afovoan'ny rahona Izy; ary ny endriky ny voninahitr'i Jehovah dia tahaka ny afo mirehitra teo an-tampon'ny tendrombohitra. Jobily 1:2-3

Fa tamin'ny andro voalohany Izy no namorona ny lanitra izay any ambony sy ny tany ary ny rano ary ny fanahy rehetra izay manompo eo anatrehany - ny anjelin'ny fanatrehana, ary ny anjelin'ny fahamasinana, ary ny anjelin'ny fanahin'ny afo sy ny anjelin'ny fanahin'ny rivotra, ary ny anjelin'ny fanahin'ny rahona sy ny maizina sy ny lanezy sy ny havandra ary ny fanala fotsy, ary ny anjelin'ny feo sy ny kotrokorana sy ny tselatra, ary ny anjelin'ny fanahin'ny hatsiaka sy ny hafanana, ary ny ririnina sy ny lohataona sy ny fararano sy ny fahavaratra ary ny fanahin'ny zavaboariny rehetra izay any an-danitra sy etỳ an-tany, Izy no namorona ny lavaka tsy hita noanoa sy ny haizina, ny hariva sy ny alina, ary ny mazava sy ny maraina sy ny andro, izay efa namboariny araka ny fahalalan'ny fony. Jobily 2:2

Napetrany teo amin'ny rahona ny avanany ho famantarana ny fanekena mandrakizay fa tsy hisy safodrano intsony eto an-tany handrava azy mandritra ny androm-piainana rehetra. Jobily 6:16

Ary nisy rahona goaika tonga handany ny voa, dia nihazakazaka nitsena azy Abrama, raha mbola tsy nipetraka tamin'ny tany izy ireo, ka niantso azy izy, raha mbola tsy nipetraka tamin'ny tany handany ny voa, nanao hoe: Aza midina, fa miverena any amin'ny tany niavianareo. Dia niverina izy ireo. Ary nataony niverina fitopolo heny ny rahona goaika tamin'izany andro izany; ary tsy nisy goaika rehetra nipetraka tao na dia iray akory aza, eran'ny tany rehetra nitoeran'i Abrama. Jobily 11:18-19

Ireo boky very ao amin'ny Baiboly

Fa raha nandeha aho, hoy i Josefa, dia niandrandra ny lanitra aho, ary nahita ny rahona gaga, ary ny voro-manidina nijanona teo afovoan'ny fanidinany. Protevangelion 13:2

Dia nisy rahona mamirapiratra nanarona ny lava-bato, ary hoy ny mpampivelona: Androany no faly ny fanahiko, fa nahita zavatra mahagaga ny masoko, ary nentina ho an'ny Isiraely ny famonjena. Kanjo tampoka teo dia tonga hazavana lehibe tao anaty lava-bato ny rahona, ka tsy zakan'ny masony intsony izany. Protevangelion 14:10-11

Eto isika hatramin'izao, ary mbola tsy nanandrana fahafatesana, fa hiverina indray amin'ny fiavian'ny Antikristy, mitondra famantarana sy fahagagana avy amin'Andriamanitra, hiady aminy amin'ny ady, ary hovonoiny any Jerosalema, ary hasandratra velona indray ho any amin'ny rahona, rehefa afaka telo andro sy tapany. Filazantsaran'i Nikodemosy 20:4

Dia nandoro ny antontam-bato ny olona; na dia lehibe loatra aza ny lelafo, dia tsy nikasika azy izany, fa Andriamanitra nangoraka azy ka nahatonga fipoahana mafy avy tany ambany, ary rahona avy any ambony nandatsaka orana sy havandra be dia be; Asan'i Paoly sy Tekla 5:15

Fa rehefa nahita ny tselatra sy ny afo ireo hazandrano (zanak'omby an-dranomasina), dia maty izy ireo ka nilomano maty teny ambonin'ny rano, ary nisy rahona afo nanodidina an'i Thecla, ka toy ny tsy nahafahan'ny biby nanatona azy, dia toy izany koa ny olona tsy nahita ny fitanjahany. Asan'ny Apostoly 9:9

Rehefa niala teo izy dia nankany Seleokia, ary nanazava ny olona maro momba an'i Kristy. Ary nisy rahona mamirapiratra nitarika azy tamin'ny diany. Ary rehefa tonga tany Seleokia izy dia nankany amin'ny toerana iray ivelan'ny tanàna, tokony ho iray stadio, satria natahotra ny mponina tao, satria

mpivavaka tamin'ny sampy izy ireo. Ary nentin'ny rahona ho any amin'ny tendrombohitra iray antsoina hoe Kalamona, na Rodeona izy. Nijanona tao nandritra ny taona maro izy, ary niaritra fakam-panahy mafy maro avy amin'ny devoly, izay nozakainy tamin'ny fomba mendrika, noho ny fanampian'i Kristy azony. Asan'ny Apostoly Paoly sy Tekla 10:11-14

Tsy ampy ny sainay; nivavaka tamin'ny vato sy hazo izahay; volamena sy volafotsy ary varahina, asan'ny tanan'olombelona; ary ny fiainanay manontolo dia tsy inona fa fahafatesana. Koa satria voahodidin'ny haizina izahay, ary nanana zavona toy izany teo imasonay, dia niandrandra izahay, ary noho ny sitrapony dia nesoriny ny rahona nanodidina anay. Fa nangoraka anay Izy, ary nohomboany tao am-pony taminay, dia namonjy anay Izy; rehefa nahita fahadisoana sy fandringanana be dia be tao aminay Izy; ary hitany fa tsy nanana fanantenana famonjena izahay, afa-tsy amin'ny alalany ihany. 2 Klementa ho an'ny Korintiana 1:7-9

Ary ny lahy sy ny vavy dia tsy lahy na vavy;—Izao no tiany holazaina; antsoiny hoe lahy ny hatezerantsika, ary ny filantsika vavy. Koa rehefa tonga amin'ny toe-javatra toy izany ny lehilahy iray ka tsy manaiky ny iray na ny iray amin'ireo (izay samy manarona sy manamaizina ny saina noho ny fielezan'ny fomba amam-panao sy ny fanabeazana ratsy), fa rehefa avy nandroaka ny zavona nipoitra avy amin'izy ireo, ary feno henatra, dia ho nampiray ny fanahiny sy ny fanahiny tamin'ny fankatoavana ny saina tamin'ny alalan'ny fibebahana; dia, araka ny voalazan'i Paoly, dia tsy misy lahy na vavy ato amintsika. 2 Klementa ho an'ny Korintiana 5:4-6

Koa tahaka ny maha-izy azy teto an-tany Azy, dia toy izany koa no nandidiana ny Jiosy taloha mba haka osy roa tsara tarehy sy mitovy. Mba ho gaga izy ireo rehefa mahita ny Mpamonjy antsika ho avy eny amin'ny rahon'ny lanitra any aoriana any, noho ny endrik'ireo osy. Epistily Ankapoben'i Barnabasy 6:12

Bokin'i Edena Hadino

Fa rehefa nahita azy ireo ho any amin'ny saha i Satana fetsy, dia nanangona ny tafiny izy ka niseho teo ambonin'ny rahona sady nikendry ny hamitaka azy ireo. 1 Bokin'i Adama sy Eva 28:1

Ary hoy koa Andriamanitra tamiko: Raha tsy manan-kery handeha ianao, dia haniraka rahona hitondra anao Aho ka hampilatsaka anao eo am-baravaran'ny zohy; dia hiverina ny rahona ka hamela anao eo. Ary raha hiaraka aminao izy ireo, dia haniraka rahona hitondra anao sy izy ireo Aho. Dia nandidy rahona Izy, dia nitondra ahy niakatra sy nitondra ahy ho any aminao izany; dia niverina izy. 1 Bokin'i Adama sy Eva 60:23-25

Rehefa avy nilaza tamin'ny zanany lahy i Enoka dia nentin'ny anjely teo amin'ny elany izy ka nentiny niakatra ho any amin'ny lanitra voalohany ary napetrany teo ambonin'ny rahona. Dia nijery aho, ary nijery ambony kokoa indray, ka nahita ny etona, ary napetrany teo amin'ny lanitra voalohany aho ka nasehony ahy ny Ranomasina lehibe dia lehibe noho ny ranomasina eto an-tany. Ny tsiambaratelon'i Enoka 3:1

Ary teto aho dia nijery ambany ka nahita ireo trano fitehirizan'ny lanezy, sy ireo anjely izay mitahiry ny trano fitehirizany mahatsiravina, ary ireo rahona izay ivoahany sy izay alehany. Ny tsiambaratelon'i Enoka 5:1

Ary ny iray avy amin'ny lamina anjely, rehefa niala tamin'ny lamina teo ambany fahefany, dia nieritreritra eritreritra tsy azo tanterahina, ny hametraka ny seza fiandrianany ho avo kokoa noho ny rahona ambonin'ny tany, mba hitovy laharana amin'ny heriko. Ny tsiambaratelon'i Enoka 29:3

(Zoma) Tamin'ny andro fahenina dia nandidy ny fahendreko aho mba hamorona ny olombelona avy amin'ny zavatra fito: ny iray, ny nofony avy amin'ny tany; ny faharoa, ny rany avy amin'ny ando; ny telo, ny masony avy amin'ny masoandro; ny efatra, ny taolany avy amin'ny vato; ny dimy, ny faharanitan-tsainy avy amin'ny hafainganam-pandehan'ny anjely sy avy amin'ny rahona; ny enina, ny lalan-dràny sy ny volony avy amin'ny ahitra amin'ny tany; ny fito, ny fanahiny avy amin'ny fofonaiko sy avy amin'ny rivotra. Ny tsiambaratelon'i Enoka 30:10

Mandre ny tenin'ny molotro Hianao, tahaka ny nandrenesako ny tenin'i Jehovah, tahaka ny kotroka mafy tsy an-kijanona miaraka amin'ny rahona mirohondrohona. Ny tsiambaratelon'i Enoka 39:7

Ary norefesiko ny faribolan'ny masoandro, ary norefesiko ny tarany, nisaina ny ora, nosoratako koa ny zavatra rehetra izay mandeha ambonin'ny tany. Efa nosoratako ny zavatra izay velomina, sy ny voa rehetra nafafy sy ny tsy nafafy, izay vokarin'ny tany sy ny zavamaniry rehetra, ary ny ahitra rehetra sy ny voninkazo rehetra, ary ny fofony mamy, ary ny anarany, ary ny fonenan'ny rahona, ary ny firafiny, ary ny elany, ary ny fomba itondrany ny orana sy ny ranonorana. Ary nodinihiko ny zavatra rehetra, ary nosoratako ny lalan'ny kotrokorana sy ny tselatra, ary nasehony ahy ny fanalahidy sy ny mpiambina azy, ny fiposahan'izy ireo, ny lalana alehany; navoaka moramora (moramora) tamin'ny rojo vy izany, fandrao amin'ny rojo vy mavesatra sy mahery vaika dia hanipy ny rahona tezitra ka handrava ny zavatra rehetra eto an-tany. Nosoratako ny trano fitehirizan'ny lanezy sy ny trano fitehirizan'ny hatsiaka sy ny ranomandry, ary nojereko ny mpihazona lakile amin'ny vanim-potoanany, mameno ny rahona amin'izy ireo izy, ary tsy mandany ny trano fitehirizan'ny harena. Ny tsiambaratelon'i Enoka 40:5-7

Ho avy ireo mpanenjika ahy, nefa tsy hahita ahy; rahona maizina no hanarona ny masony; ary aizim-pito no hanamaizina azy. Tononkiran'i Solomona 5:4-5

Ny ando avy amin'i Jehovah no nampilatsaka tamiko tamin'ny fiadanana; ary ny rahona fiadanana nampiakatra teo ambonin'ny lohako, izay niambina ahy mandrakariva; Izany no famonjena ahy; nihozongozona ny zavatra rehetra ka raiki-tahotra izy; Tonon-kiran'i Solomona 35:1-3

Fa araka ny halehiben'ny Avo Indrindra no nanaovany ahy; ary tahaka ny maha-vaovao Azy no nanavaozany ahy; ary nohosorany avy tamin'ny fahatanterahana Izy: Ary tonga iray amin'ireo mpiara-monina aminy aho; ary nisokatra toy ny rahona ando ny vavako, Ary niboiboika toy ny reniranon'ny fahamarinana ny foko, Ary ny fanatonako Azy dia tao amin'ny fiadanana; ary naorin'ny Fanahin'ny fitondrany aho. Haleloia. Tononkiran'i Solomona 36:5-8

Hifaly amin'ny androny ny lanitra, ary hifaly ny tany, ary hiravoravo ny rahona; ary ny fahalalana an'i Jehovah dia haidina amin'ny tany, tahaka ny rano an-dranomasina; ary ny anjelin'ny voninahitry ny fanatrehan'i Jehovah hifaly aminy. Testamenta Levitikosy 5:18-20